


Ny Filoha Andry Rajoelina sy H.E. Obaid Khaleefa Al Jaber Al Marri





**Abu Dhabi, 30 mey 2022**. Fito ireo faritra maha tong any anarana hoe: Emirats arabes unis dia: **Dubaï**, **Sharjah**, **Ajman**, **Umm Al Quwain**, **Ras Al Khaimah**, **Fujairah** ary **Abu Dhabi** izay Renivohitra. Tao no nihaona ny delegasiona Malagasy notarihin'ny Filoha Andry Rajoelina sy ny delegasiona avy amin'ny vondrona AL JABER, notarihin'ny H.E. Obaid Khaleefa Al Jaber Al Marri, Filohan'ny filankevim-pitantanan'io vondrona arabo matanjaka dia matanjaka io. Aleho aloha ampafantarika anareo mpamaky izany atao hoe Vondrona Al Jaber izany.



Ny hoe AL JABER Group dia vondron'orinasa an'olon-tsotra fa marolafy manana ny foibeny ao Abu Dhabi, renivohitry ny Emiraty Arabo Mitambatra. Misy mpiasa maherin'ny 50.000 ao amin'ny vondrona Al Jaber, izay mampitombo ny heriny sy ny tanjany natratrarany ny toeran'ny mpitarika ny tsena manerana ny indostria sy ny sehatra iasany.

Tamin'ny alalan'ny sehatra stratejika marolafy, ny fitomboana voafehy ary ny fampiasam-bola vaovao, no nampisongadina ny vondrona eo amban'ny fitarihan'ny mpanorina azy, H.E. Obaid Khaleefa Al Jaber Al Marri, ary nivelatra ho iray amin'ireo vondrona orinasa lehibe indrindra any Moyen Orient.

Ny fahombiazan'ny Vondrona AL JABER tsy manam-paharoa dia miorina amin'ny fototra mafy orina amin'ny foto-kevitra sy toetra miavaka. Amin'ny maha-orinasa marolafy azy, dia manana fahafahana mampiasa fizarana sy loharano samihafa avy ao anatiny izy mba hifanohana sy hifameno. Miaraka amin'ny fifantohana manokana amin'ny fahafahana vaovao amin'ny tsena vaovao, ary ny fampivoarana hatrany ny vokatra, ny tolotr'asa omeny ary ny vahaolana, ny tolo-kevitry ny Vondrona AL JABER. Noho ireo rehetra io dia nihamafy nandritra ny taona maro izy, ka nahatonga ny anarany ho mitovy amin'ny fenitra avo indrindra eran'izao tontolo izao.




Hoy indrindra ny H.E. Obaid Khaleefa Al Jaber Al Marri: *“ Tamin'ny taona 1970 no nanomboka ny AL JABER Group izay nifantoka voalohany tamin'ny sehatry ny fanorenana.*

*Io vina io dia namenoana ny firoboroboan'ny toekaren'i Abu Dhabi nandritra io vanim-potoana io tamin'ny famoronana orinasa matihanina izay afaka manatanteraka ny karazana fotodrafitrasa*

*sy tetikasa fanorenana rehetra.*

*Hatramin'ny nananganana ny vondrona* AL JABER *dia noheverinay hatrany ho toy ny antony lehibe fahombiazana amin'ny fitomboana maharitra ny fiarovana ny vahoakanay sy ny fahasamihafànay. Nampiasa vola tamin'ny teknolojia farany izahay, nanangana sehatra indostrialy, ary nanangana orinasa fandefasana entana, fitaterana ary entana mavesatra hanohanana ny Diviziona Fanorenana mitombo. Taorian'ny 50 taona nahitana fahombiazana sy zava-bita mahatalanjona, dia mijanona ho manolo-tena amin'ny vina ho mpitarika amin'ny hetsika rehetra izahay ary mankasitraka ny Mpitondra sy ny Governemanta Abu Dhabi noho ny fahatokisany sy ny fanohanan'izy ireo naseho tao amin'ny vondrona AL JABER ".*




Ohatra iray no omeko anareo eto. Fantatrareo ve fa ny taona 2018 dia tafiditra ao amin'ny boky malaza eran-tany *"Guinness World Records"* ny Vondrona AL JABER? Ny antony, hoy ianareo ? Nahavita nametraka jiro takamo miisa 21.416 isa eny amin'ny arabem-bahoaka iray ( *"une voie publique"* ) ny AL JABER Transport & General Contracting LLC niaraka tamin'ny orinasa Abu Dabhi General Services Company - Musanada.






Abu Dhabi, 30 mey 2022. Fanaovan-tsonia teo amin'ny Solontenan'ny Vondrona AL JABER, ny Minisitry ny Varotra sy ny Indostria Malagasy, Edgard Razafindravahy, ary ny Solontenan'ny Vondrona ONE WORLD IMPACT CAPITAL





*[illegible] ny maha izy azy i*

**Jean-Jot Ramanambazafy – 1 Jona 2022**